Amin' Ny isa fito dia milaza isa masina, isa milaza fahafenoana (isa feno).

Andriamanitra no miteny amin'i Noa (Genesisy 7)

Ary hoy Jehovah tamin'i Noa: Midira ao anatin'ny sambo-fiara ianao mbamin'ny ankohonanao rehetra, satria ianao no hitako fa marina eo anatrehako amin'izao olona miara-belona aminao izao. Ny biby madio rehetra isan-karazany dia hanalanao ho ao aminao fito avy, lahy sy vavy; ary ny biby tsy madio isan-karazany roa avy, lahy sy vavy; ary ny voro-manidina koa isan-karazany fito avy, lahy sy vavy: mba tsy ho lany taranaka ambonin'ny tany rehetra ireny. – Genesisy 7 : 1 - 3

Toy izany koa ny nolazain'i Mosesy amin'ny ZI:

Ary izao no atero amin'ny voaloham-bolanareo ho fanatitra dorana ho an'i Jehovah: vantotr'ombilahy roa sy ondrilahy iray ary zanak'ondry fito, izay iray taona sady tsy misy kilema, – Nomery 28 : 11

Eo amin'ny ntaolo Malagasy indray. Ny isa fito dia fampiasan'ny Ntaolo ao amin'ny ohabolana sy fitenenana maro. Ohatra, "Fito sakan'ny handrina", "Fito ao amin'ny magazay", "Olana fito - valiny iray.

Fito = (milaza) : feno, mafy orona, sarotra
Milaza zavatra mafy orona n'y isa fito.

Rehefa hanorina tokantrano ny olon-droa amin'ny Malagasy dia omena tso-drano hoe : " Miteraha fito lahy fito vavy". Isa milaza fahafenoana izany ny isa fito eo eo amin'ny fisainana malagasy.

Ny isa 7 izany dia maneho fahafenoana sy fahamasinana eo amin'ny tokantrano n'a fianakaviana nahorin'Aa, eny fa n'a eo amin'ny zavaboahary nohariany aza.

Eto @ ohabolana anefa dia voalaza fa na dia fito milaza fahafenoana aza ny isan'ny zaza dia tsy afaka mahafehy trano izy ireo ary tsy afaka mahatana ny fanapahan -kevitry ny Ray aman-dreny ao @ tokantrano ao mihitsy !

Ny antony rehefa dinihana dia noho izy ireo mbola zaza, mbola kely, mbola marefo ary tsy manana hery sy toe-panahy ho enti- manohitra.
Mazava izany eto fa tsy ny fahafenoan' ny isa no inona fa ny toe- panahy sy ny toe- po sy toe- tsaina ananana izay fantatsika fa tsy mbola tanteraka ao @ zaza @ mbola maha kely azy !